REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitiavana - Tanindrazana - Fandrosoana

LALANA LAHARANA 2014-006
Mikasika ny ady amin'ny heloka eo amin'ny fitaovan-tserasera

FAMELABELARANA NY ANTONANTONY

Tsy voafetra intsony ankehitriny ny fampiasana ny tekinôlôjia avolenta momba ny fampahalalana sy ny fifandraisana (TIC). Ireo voka-tsoa marobe atolony dia mandrafitra fitaovana ahazoana manamora ireo endri-pampandrosoana rehetra.

Fa ankoatra izany vokatra mitondra soa izany anefa dia tsy azo lavina fa ny TIC dia manjary loharano fototry ny fahasimbana samihafa koa. Endrika fandikan-dalàna antsoina hoe « cybercriminalité » na karazan-keloka eo amin'ny fitaovan-tserasera no misongadina noho izany. Endrika heloka vaovao izay miavaka amin'ireo fahita fahita fahiny noho izy miseho amina sehatra iray tsy hita maso, antsoina ihany koa hoe « cyberespace ». voafaritra ao anatin'izany « ireo fandikan-dalàna mahavoasazy rehetra izay mety hiseho amina rafitra informatika mifandray mivantana amina tambazotra izay amin'ny ankapobeny ».

Eo anatrehan'izany anefa, ny fehezan-dalàna famaizana misy eto amintsika dia mbola tsy ahazoana mamaly ny fepetra hoenti-mandrefy ny sokajy misy endrika heloka vaovao ity sy ny hasarotany. Koa noho ireo petrakolana lehibe ireo indrindra no antom-pisian'ity lalàna momba ny ady amin'ny heloka amin'ny fitaovan-tserasera ity, amin'ny alalan'ny fampijoroana ny sehatra manara-dalàna momba izany ka hahazoana manadihady amim-pahombiazana ireo karazana fandikan-dalàna mbola tsy nahavoasazy hatramin'izao ireo.

Ahitana andininy miisa 41 ity lalàna ity ary misokajy ho toko telo lehibe.

Ny toko voalohany, izay ahitana andininy miisa 15, dia mitondra ny lohateny hoe "ireo heloka mifandraika amin'ny rafi-pampahalalana".

Mba hahazoana tsara ny lahatsoratra anefa, dia heverina fa ilaina ny ny manomboka ity toko ity amin'ny famaritana ireo voambolana tekinika samihafa momba ny heloka eo amin'ny fitaovan-tserasera.

Horesahina manaraka izany ireo olana samihafa eo amin'ny rafi-pampahalalana. Koa araka izany, dia najoro ny fampanoavan-dalàna manokana mikasika izany, toy ny fidirana an-tsokosoko na fanaovana hosoka amina rafi-pampahalalana iray ; ny fampidirana na fanafoanana na fanovana ireo tahirin-kevitra informatika (and. 6-9), ny fanimbana na fampikatsoana ny fiasan'ny rafi-pampahalalana (and. 11 sy 12); ary koa ny fakana tsy ara-dalàna ireo tahirin-kevitra informatika mandritra ny fampitana tsy ampahibemaso (and. 13)

Ny toko faharoa dia "ireo fahavoazana miantraika amin'ny tsirairay amin'ny alalan'ny rafi-pampahalalana", izay ahitana andininy miisa 10, manadihady ireo karazana fandikan-dalàna natao tamin'ny alalan'ny fitaovana informatika ka manimba ny isam-batan'olona. Anisan'izany ny fandrahonana (and. 16-18); ny fisandohana olona mba hanakorontanana ny filaminany na ny an'ny hafa, na hoenti-manimba ny voninahiny (and. 19), ny ompa izay atao amin'ny rafi-panjakana na ny solontenam-panjakana na amin'ny olon-tsotra (and. 19 – 20), ary ny fanapariahana hafatra mifono herisetra na mamoafady, izay mety hanana endrika fanavakavaham-bolon-koditra, na fankahalana vahiny na fanimbana mihoa-pampana ny maha olona (and. 25).

Ny fiarovana ny zaza tsy amy taona amin'ny heloka ara-pananahana ihany koa dia ho hita ao anatin'ity lalàna ity. Koa eo anatrehan'izany, hofaizina mafy tokoa ny fanapariahana na ny fitazonana, na ny fandraiketana mikendry fanapariahana amina tambazotra ny sary mamoafady ampiasana zaza,

ny fitsidihana matetika ireo tobin-tserasera ahitana ireny karazan-tsary ireny, ny fitrandrahana ara-nofo atao amin'ny zaza tsy ampy taona amin'ny aterineto (and. 22 – 24).

Ny heloka eo amin'ny fitaovan-tserasera dia mahakasika ny fitambaran'ireo mpiasam-panjakana sy tsy miankina, koa ny toko III, izay ahitana andininy 16, dia manadihady "ireo sampana sy mpiandraiki-draharaha misahana ny fitrandrahana ireo tambazotra sy seha-pifandraisana elektrônika". Fehezina ao anatin'ity lalàna ity, toraka izany, ny fahefany manafay, sy ny famoronana adidy isan-karazany. Voasokajy ao anatin'izany ny mahakasika ny famafana na ny tsy fanomezana anarana ireo tahirin-kevitra samihafa mifandraika amin'ny tambazotra, raha tsy hoe noho ny fangatahan'ny manam-pahefana eo amin'ny sehatry ny lalàna ka tsy maintsy anaovana izany mandritra ny fotoana tsy voafaritra. Ny andininy 35 dia hahitana ny fanovana lehibe mikasika ny lalàna famaizana malagasy izay mikendry ny fahafahana mampiasa fahefana manafay ananan'ireo olona ambony eo amin'ny lalàna raha to aka misy tsy fanajana ireo adidy samihafa voalaza tetsy ambony ireo.

Voaresak'ity toko ity ihany koa ny momba ny fiarovana. Koa eo anatrehan'izany, helohina ny ny fandavana ny famaliana ny fangatahana ny famerenana ny hafatra izay mety ho nampiasaina mba hanomanana na hanamorana, na hanefana heloka bevava, na teti-dratsy (and. 40). Raha mifanohitra amin'izany kosa ny fandavana, kanefa ny fampiasana ny fifanarahana no mety ho azo ho nisorohana ny heloka sy ho namerana ny vokany, dia hihamafy ny sazy.

Farany, eo anatrehan'ny voka-dratsy izay mety haterak'izany tranga izany, ny sazy mihatra amin'ny olo-meloka dia mihatra amin'ireo heloka rehetra mifandraika amin'ny rafi-pampahalalana, voalaza ato amin'ity lalàna mikasika ny heloka amin'ny fitaovan-tserasera ity.

Izany àry no anton'ity lalàna ity.

REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitiavana - Tanindrazana - Fandrosoana

LALANA LAH. 2014-006
Mikasika ny ady amin'ny heloka eo amin'ny fitaovan-tserasera

Ny Fivoriambe Nasionaly dia nandray fepetra nandritra ny fihaonany tamin'ny 19 jona 2014,

NY FILOHAN'NY REPOBLIKA,

Araka ny lalàm-panorenana ;
Araka ny Fanapahan-kevitry ny Fitsarana Avo momba ny Lalàm-panorenana lah. 12 – HCC/D3 tamin'ny 16 jolay 2014 ;

NAMOAKA ITY LALANA ITY, IZAY MIFONO TOY IZAO:

TOKO VOALOHANY
IREO HELOKA MIFANDRAIKA AMIN'NY RAFI-PAMPAHALALANA

And. 1 – Ny heloka mifandray amin'ny rafi-pampahalalana dia manondro ireo hetsika tsy ara-dalàana rehetra natao tamin'ny alalana rafitra na tambazotra informatika na izay tambazotra hafa mitovitovy aminy na mifandray amina rafi-pampahalalana.

And. 2 – Voasokajy ho isan'ny rafi-pampahalalana ny fitaovana rehetra na vondrona fitaovana mifandray mivantana na tsia, ka miantoka ny fampandehanana tsy mila mpibaiko ny milina amin'ny fitrandrahana ireo tahirin-kevitra mandritra ny fanatanterahana ny fandaharana asa.

And. 3 – Voasokajy ho fidirana an-kosoka, ny fidiran'ny olona rehetra anatina ampahana rafi-pampahalalana na manontolo, na dia tsy niniana natao aza, ka tsy nananana fahazoan-dalana ara-dalàna na fanamarinana avy amin'ny tompon'andraikitra ambony momba izany.

And. 4 - Voasokajy ho isan'ny fitanana an-kosoka, ny fijanonan'ny olona rehetra mifandray mivantana amina ampahana rafitra informatika na manontolo, na koa ny fanohizana mampiasa izany rafitra izany, na dia tsy niniana natao aza, ka tsy nananana fahazoan-dalana ara-dalàna na fanamarinana avy amin'ny tompon'andraikitra ambony momba izany.

And. 5 – Voasokajy ho isan'ny tahirin-kevitra informatika, ny fisehon'ny hetsika, na fampahalalana na hevitra rehetra azo trandrahina eo amin'ny sehatra informatika, ka tafiditra ao anatin'izany ny fandaharana asa rehetra mampandeha ny fiasan'ny rafitra informatika amin'ny fanatanterahana ny andraikiny.

And. 6 – Na iza na iza niditra na nitana an-kosoka ny ampahany na ny manontolo tamin'ny rafi-pampahalalana, araka ny toe-javatra voalaza ao amin'ny andininy 3 sy 4 etsy ambony , dia hiharan'ny lamandy 100.000 Ariary ka hatramin'ny 10 000 000 Ariary.

Raha nopotehina, na nofafana, na nahitsy, na nasiam-panovana, na nofoanana ireo tahirin-kevitra informatika ao anatin'ny rafitra, na dia ny ampahany fotsiny aza ka mety hanohintohina ny fiasan'io rafitra io, nandritra ny ny fidirana na fitanana an-kosoka azy, dia hosaziana enim-bolana ka

hatramin'ny dimy taona an-tranomaizina miampy lamandy 100.000 Ariary ka hatramin'ny 10 000 000 Ariary, na ny iray amin'ireo ihany.

And. 7 – Na iza na iza nampiditra, na namotika, na namafa, na nanova, na nanitsy an-kosoka ireo tahirin-kevitra informatika, na koa miditra an-kosoka mba hanova na hamafa ny fomba fitrandrahany na fampitany manokana azy ireo, dia hosaziana roa ka hatramin'ny folo taona an-tranomaizina miampy lamandy 2.000.000 Ariary ka hatramin'ny 100.000.000 Ariary na ny iray amin'ireo.

And. 8 – Na iza na iza ninia nampiasa an-kosoka ireo tahirin-kevitra informatika efa simba, na nofafana, na novaina, na efa nasiam-panitsiana dia hosaziana roa taona ka hatramin'ny dimy taona an-tranomaizina miampy lamandy 2.000.000 Ariary ka hatramin'ny 100.000.000 Ariary na ny iray amin'ireo.

And. 9 – Na iza na iza nampiditra, na nanova, na namafa, na nanafoana an-kosoka ireo tahirin-kevitra informatika ka nitarika ny tsy fahatomombanan'izany ara-dalàna, mba hikendrena ny fampiasana azy ireo ho toy ny ara-dalàna, na dia hita sy azo tsapain-tanana aza izany na tsia, dia hosaziana roa ka hatramin'ny folo taona an-tranomaizina miampy lamandy 2.000.000 Ariary ka hatramin'ny 100.000.000 Ariary na ny iray amin'ireo.

And. 10 – Na iza na iza mandray anjara amina fivondronana mijoro na fifanarahana mikasa hanomana na hanatanteraka, na hanamora ny fanatanterahana na fanafenana halatra, ka voarafitry ny fitaovana iray na maromaro, na koa voafaritry ny iray na ny maromaro amin'ireo fandikan-dalàna voalaza ao amin'ny andininy 3,4,7,8 sy 11 dia hosaziana amin'ireo sazy voatondro ho amin'izany fandikan-dalàna izany.

And. 11 – Ny fahasimbana dia faritan'ny fiovana ho ratsy sy ny fisian'ny tohintohina eo amin'ny fiasan'ny rafi-pampahalalana.

Voafaritr'izany fiovana eo amin'ny fiasan'ny rafi-pampahalalana izany, ny hetsika rehetra mikasa ny handiso ny fiasan'io rafitra io mba hampamokarana azy vokatra hafa mifanohitra amin'izay vokatra tokony hovokariny ka efa namolavolana sy nampiasana azy.

Voasokajy ho fanohintohinana ny fiasan'ny rafi-pampahalalana ny hetsika rehetra miteraka ny fikatsoan'ny rafi-pampahalalana, amin'ny alalan'ny fampidirana, na fampitana, na famotehana, na famafana, na fanovana, na fanafoanana tanteraka ireo tahirin-kevitra informatika.

And. 12 – Na iza na iza nanohintohina na nanova an-kosoka ny fiasan'ny ampahany na ny manontolon'ny rafi-pampahalalana, dia hosaziana roa taona ka hatramin'ny folo taona an-tranomaizina, miampy lamandy 2.000.000 Ariary ka hatramin'ny 100.000.000 Ariary na ny iray amin'ireo.

And. 13 – Na iza na iza nampiato an-kosoka ireo tahirin-kevitra informatika, tamin'ny alalana fitaovana tekinika, nanditra ny fampitana tsy ampahibemaso, avy amin'ny rafi-pampahalalana na ao anatiny, ary koa ny fampitana ara-pifandraisana elektromanetika avy amin'ny rafi-pampahalalana ka mitondra tahirin-kevitra informatika, dia hosaziana herintaona ka hatramin'ny dimy taona an-tranomaizina miampy lamandy 2.000.000 Ariary ka hatramin'ny 100.000.000 Ariary na ny iray amin'ireo.

And. 14 – Ny hetsika famokarana, na fanondranana, na fitazonana, na fanomezana, na famindram-pahefana, na fanapariahana, na fanomezana an-tanana an-kosoka:

1) Fitaovana iray, ka tafiditra ao anatin'izany ny programa informatika, na ny tahirin-kevitra rehetra novolavolaina manokana mba hahazoana manatanteraka ny fandikan-dalàna iray na maromaro voalaza ao amin'ny andininy 3, 4, 7, 8, 11, 12 momba ny lalàna mikasika ny heloka eo amin'ny fitaovan-tserasera.

2) Ny teny miafina, na teny fidirana na ireo tahirin-kevitra informatika mitovitovy amin'izany ka hahazoana miditra manontolo na amin'ny ampahany ao anatin'ny rafi-pampahalalana mba hanaovana ny iray amin'ireo fandikan-dalàna voalaza ao amin'ireo andininy voatanisa ireo, dia hosaziana amin'izay sazy mifanandrify amin'izany fandikan-dalàna izany.

Tsy hampiharina kosa ity andininy ity raha toa ka tsy mikendry ny fanaovana ny iray amin'ireo fandikan-dalàna voalaza tamin'ireo andininy voatanisa ireo ny famokarana, na fanondranana, na fitazonana, na fanomezana, na famindram-pahefana, na fanapariahana, na fanomezana an-tanana.

And. 15 – Na iza na iza mitaky onitra ara-pitaovana iombonana an-kosoka amin'ny olon-kafa, amin'ny alalan'ny fampidirana, na fanovana, na famafana na fanafoanana tanteraka ireo tahirin-kevitra informatika na izay endrika rehetra isehoan'ny fanohintohinana ny fiasan'ny rafi-pampahalalana, ka mikendry ny haka tsy ara-dalàna ny tombontsoa ho an'ny tenany manokana na ho an'ny hafa, dia hosaziana roa taona ka hatramin'ny folo taona an-tranomaizina miampy lamandy 2.000.000 Ariary ka hatramin'ny 100.000.000 Ariary na ny iray amin'ireo.

TOKO II
IREO FAHAVOAZANA MIANTRAIKA AMIN'NY TSIRAIRAY AMIN'NY ALALAN'NY RAFI-PAMPAHALALANA

And. 16 – Na iza na iza mandrahona ho faty na hanapoizina na hanao heloka amina olona, na an-tsoratra tsy mitonona anarana izany, na voasonia, na amin'ny alalana sary, na marika na famantarana hafa, na amin'ny alalan'ny fitaovana informatika na elektronika, izay mety hahazoana fanamelohana ho faty, na asa anterivozona mandrapahafaty, na fitanana am-ponja, dia hosaziana an-tranomaizina roa taona ka hatramin'ny dimy taona miampy lamandy 100.000 Ariary ka hatramin'ny 1 350 000 Ariary, raha toa ny fandrahonana ka miampy fitakiana fametrahana vola amina toerana voatondro, na mitaky famenoana fepetra hafa.

And. 17 – Raha am-bava no nanaovana ny fandrahonana miaraka amina fepetra samihafa, amin'ny alalan'ny fampiasana fitaovana informatika na elektronika, dia hiharan'ny fampidirana an-tranomaizina enim-bolana ka hatramin'ny roa taona, miampy lamandy 100.000 Ariary ka hatramin'ny 540 000 Ariary ny olo-meloka.

And. 18 – Raha toa ka natao tamina olona iray na vondrona olona iray ireo fandrahonana voalaza ao amin'ny andininy 16 ireo, noho ny fiaviany, na ny fananahany, na ny fikambanany na tsia amina foko iray na firenena iray na volon-koditra iray na finoana iray mazava, tena misy na heverina ho misy, dia hosaziana roa taona ka hatramin'ny dimy taona an-tranomaizina miampy lamandy 100.000 Ariary ka hatramin'ny 1 350 000 Ariary.

Eo anatrehan'izany, dia mety hiharan'ny sazy momba ny tsy fahazoan-dalana mivahiny an-tanin'olona ny olo-meloka, toy ny amin'ireo andininy teo aloha.

And. 19 – Na iza na iza minia misandoka anaran'olon-tsotra na manam-pahefana, amin'ny alalan'ny fampiasana fitaovana informatika na elektronika, na mampiasa ny karazana tahirin-kevitra hahazoany manao izany, mba hanakorontanana ny filaminana na ny filaminan'ny hafa, na manohintohina ny voninahiny na toeran'ireo farany, dia ho saziana enim-bolana ka hatramin'ny folo taona an-tranomaizina miampy lamandy 600 000 Ariary ka hatramin'ny 18 000 000 Ariary.

And. 20 – Ny fanompana na ny fanalam-baraka atao amin'ny Manam-pahefana, na ny Fitsarana, na ny Tribonaly, na ny vondron-tafika nasionaly na an'ny Fanjakana, ny mpandraharaham-panjakana, na ny mpikambana ao amin'ny Governemanta, na ny Vondrona Parlemantera, ny mpiasam-panjakana, ny mpitory na ny mpiasa amin'ny fahefanam-panjakana, ny mpiara-belona misahana ny asam-panjakana, ny mpiasa tselika na raikitra, ny mpitsara manatrika ny tribonaly, na ny vavolombelona eo anatrehan'ny fitoriana, amin'ny alalan'ny lahateny, na hiakiaka na rahona atao amina toerana na fivoriam-bahoaka, na an-tsoratra izany, na an-tsary, na paika, na hosodoko, na mari-pamantarana, na kisary, na amina endrika an-tsoratra hafa, na am-bava, na sary amidy na zaraina, na aseho ampahibemaso amina toerana na fivoriam-bahoaka, na amin'ny alalan'ny peta-drindrina aseho ho hitam-bahoaka, na amin'ny alalan'ny fitaovana informatika na elektronika, dia

hiharan'ny sazy roa taona ka hatramin'ny dimy taona an-tranomaizina miampy lamandy 2 000 000 Ariary ka hatramin'ny 100 000 000 Ariary, na ny iray amin'ireo.

Ny ompa atao amin'ny olon-tsotra, amin'ny alalan'ny fitaovana informatika na elektronika, raha toa ka tsy nialohavana fihantsiana, dia hiharan'ny sazy enim-bolana ka hatramin'ny dimy taona an-tranomaizina, miampy lamandy 100 000 Ariary ka hatramin'ny 10 000 000 Ariary, na ny iray amin'ireo.

Ny ompa natao miaraka amin'ireo fepera voalaza amin'ireo andininy teo aloha, tamina olona iray na vondrona olona iray, noho ny fananahany, na ny kilemany, na ny fiaviany, na ny fikambanany na tsia amina foko iray, na firenena iray, na volon-koditra iray, na finoana iray mazava, dia hiharan'ny sazy roa taona ka hatramin'ny folo taona an-tranomaizina, miampy lamandy 2 000 000 Ariary ka hatramin'ny 100 000 000 Ariary, na ny iray amin'ireo.

Raha misy fanamelohana ho an'ny iray amin'ireo tranga roa voalaza etsy ambony ireo, ny tribonaly dia afaka manome alalana ny fanehoana na ny fanapariahana ampahibemaso ny fanapahan-kevitra noraisina voalaza ao amin'ny fepetra voatoandro amin'ny andininy 50 amin'ny lalàna famaizana.

And. 21 – Ny fanapariahana na ny endrika samihafa anehoana ampahibemaso ny fitaovana manda, na manambany na manivaiva, na manamarina ny hetsika mandrafitra ny famonoana olona, na ny heloka amin'ny maha olona, izay voafaritry ny zo iraisam-pirenena, amin'ny alalan'ny fitaovana informatika na elektronika, dia hiharan'ny sazy enim-bolana ka hatramin'ny dimy taona an-tranomaizina, miampy lamandy 100 000 Ariary ka hatramin'ny 10 000 000 Ariary.

And. 22 – Ny tahirin-tsary mamoafady mahakasika ny ankizy na ny endrika tahirin-tsary mamoafady mampiasa ankizy isan-karazany, na inona na inona fitaovana ampiasaina, ka ahitana ankizy mandray anjara amina hetsika ara-nofo, tena misy na noforonina, na ny fanehoana ny fitaovam-pananahan'ny zaza mba hikendrena ny lafiny ara-nofo.

Antsoina hoe "ankizy" ny olona rehetra latsaky ny valo ambin'ny folo taona.

Ny hetsika rehetra kasaina haparitaka amin'ny alalan'ny fitaovana informatika na elektronika, na ny fitanana, na ny fandraiketana, na ny famokarana, na ny fakana na fampitana sary na fanehoana ankizy ka manana endrika mamoafady dia hiharan'ny sazy roa taona ka hatramin'ny dimy taona an-tranomaizina, miampy lamandy 2 000 000 Ariary ka hatramin'ny 10 000 000 Ariary.

Ny fikasana fotsiny ihany dia handairan'izany sazy izany ihany koa.

Iharan'izany ihany koa ny fanomezana na ny fanapariahana sary na ny mitovy endrika aminy, amin'ny alalan'ny fitaovana informatika na elektronika, na eto an-toerana na any ivelany, ny fampandefasana azy eto an-toerana na any ivelany.

Ny fijerevana matetika ireny sampam-pifandraisana ho an'ny sarambabembahoaka izay maneho ireny sary na ny mitovy endrika aminy ireny, na ny fitazonana sary na ny mitovy endrika aminy, na inona na inona fitaovana ampiasaina, dia hiharan'ny sazy roa taona ka hatramin'ny dimy taona an-tranomaizina, miampy lamandy 2 000 000 Ariary ka hatramin'ny 10 000 000 Ariary.

Ny sazy dia mety hihatra telo taona ka hatramin'ny folo taona an-tranomaizina miampy 4 000 000 Ariary ka hatramin'ny 20 000 000 Ariary, raha toa ka zaza tsy ampy taona latsaky ny 15 taona no hita ao.

Ny sampam-pifandraisana ho an'ny daholobe dia mivelatra amina fanapariahana ny tahirin-kevitra tsy manana endrika fifandraisana mikatona, na fitaovam-pifandraisana elektronika mampiasa ny tambazotra aterineto izay ahazoan'ny mpandefa sy ny mpandray mifanakalo mivantana na tsia ny fampahalalana rehetra.

Ny fepetra rehetra voarakitra ato anatin'ity lalàna ity dia azo ampiharina amin'ireo sarin'olona mamoafady rehetra ka ahitana endrika ara-batan'ankizy tsy ampy taona, raha toa ka tsy voaporofo fa feno valo ambin'ny folo taona amin'ny fotoana nandraketana ny sary ilay ankizy.

Voasokajy ho isan'ny sary mamoafady ireto:

1) Ny sary na ny fanehoana zaza tsy ampy taona maneho fihetsika mamoafady ;
2) Ny sary na ny fanehoana olona manana endrika tsy ampy taona ka maneho fihetsika mamoafady ;
3) Ny sary namboarina maneho zaza tsy ampy taona maneho fihetsika mamoafady ;

Ny hoe sary namboarina eto dia maneho ny sarin'olon-tsotra novaina endrika tamin'ny alalan'ny fitaovana informatika.

And. 23 – Na iza na iza manao heloka ara-pananahana, amin'ny alalan'ny fampiasana fitaovana informatika na elektronika, ka mandranitra, na manome vahana, na manamora ny fahafinaretana ara-nofon'ny hafa, ny fitadiavana fahafinaretana ara-nofo, ny fanolikolena, ny fivarotantenan'ny zaza tsy ampy taona na inona na inona fananahany, dia hiharan'ny asa an-terivozona arapotoana, araka ireto seho roa manaraka ireto:

1) Raha toa ka natao tany amina toram-pianarana, na toeram-piasanampanjakana, na koa nandritra ny fidirana na ny fivoahan'ny mpianatra na ny sarambabembahoaka na tamin'ny fotoana mifanakaiky amin'izany, ka natao teny akaikin'ireo toerana voalaza ireo izany hetsika izany.

2) Raha toa ka nataona antokon'olona voafaritra ilay heloka, dia hiharan'ny sazy asa an-terivozona mandrapahafatiny ireo olo-meloka.

And. 24 – Ny fanomezan'ny olon-dehibe hevitra ny zaza tsy ampy taona na ny mitovy aminy hanatanteraka hetsika ara-nofo, ka ampiasany fitaovam-pifandraisana elektronika dia hiharan'ny sazy roa taona ka hatramin'ny dimy taona an-tranomaizina, miampy lamandy 2 000 000 Ariary ka hatramin'ny 10 000 000 Ariary.

Mety ho lasa dimy taona ka hatramin'ny folo taona an-tranomaizina izany raha toa ka narahina fihaonana mivantana ny tolo-kevitra.

And. 25 – Ny fanamboarana, na ny fitaterana, na ny fanapariahana hafatra miharo herisetra na mamoafady, maneho fanavakavaham-bolon-koditra, na fankahalana vahiny, na manana endrika fanalam-baraka tanteraka ny olona iray, na ny fivarotana izany hafatra izany, na inona na inona fitaovana ampiasaina hanaovana azy, dia hiharan'ny sazy roa taona ka hatramin'ny dimy taona antranomaizina, miampy lamandy 10 000 000 ariary ka hatramin'ny 20 000 000 ariary indrindra moa ka ahiana ny hahitan'ny zaza tsy ampy taona izany.

Raha toa ka tanteraka tamin'ny alalan'ny fitaovan-tserasera misokatra ho an'ny sarambabembahoaka ny fandikan-dalàna voalaza ao amin'ny andininy 346 amin'ny lalàna famaizana sy izay voalazan'ity andininy ity, dia hisy fepetra manokana horaisina izay hampiharina amin'izay olona tompon'antoka amin'izany.

TOKO III

IREO SAMPANA SY MPIANDRAIKI-DRAHARAHA MISAHANA NY FITRANDRAHANA IREO TAMBAZOTRA SY SEHA-PIFANDRAISANA ELEKTRONIKA

And. 26 - Ireo sampana sy mpiandraiki-draharaha misahana ny fitrandrahana ireo tambazotra sy seha-pifandraisana elektrônika dia manana andraikitra hamafa na hanova ireo tahirin-kevitra mifandraika amin'ny tambazotra ho lasa tsy fantatra anarana, araka ireto fepetra manaraka ireto:

Voasokajy ho "tahirin-kevitra mifandraika amin'ny tambazotra" ireo tahirin-kevitra rehetra mifandray amin'ny rafi-pampahalalana, na novokarin'ity farany ho isan'ireo singa mandrafitra ny zotram-pifandraisana, maneho ny fiandohany, ny fiafarany, ny lalan-kizorany, ny ora, ny daty, ny habe, ny faharetan'ny fifandraisana na ny karazan-tsehatra mifampiankina aminy.

And. 27 – Noho ny filana amin'ny asa fikarohana, ny fijerena sy ny fanenjehana ireo fandikandalàna famaizana, ary noho ny fikendrena ny hahazoana mampahafantatra amin'ny manam-pahefana ny zava-misy, dia mety haharitra herintaona eo farafahabetsany ny faharetan'ny asa famafana na fanafoanana ny anaran'ireo tahirin-kevitra tekinika sasany. Ny lalàna no mamaritra ny sokajy misy ireo tahirin-kevitra ireo sy ny faharetan'ny fitehirizana azy, araka ny fetra voafarity ny andininy 26, arakaraka ny fiasan'ny sampana sy mpiandraiki-draharaha sy ny endri-pifandraisana.

And. 28 – Noho ny filana eo amin'ny fanaovana faktiora, sy fandoavana karama amin'ny asa momba ny serasera elektronika na ny sehatra misahana ny fifandraisan-davitra, ny mpiasa sy mpiandraiki-draharaha mampiasa sy mitahiry ary mampita amin'ny mpiara-miasa aminy izay voakasika mivantana amin'ny fanaovana faktiora na ny fandoavan-karama, raha misy fahataran'izany, ireo tahirin-kevitra tekinika izay efa voafaritra mazava, ao anatin'ny fotoana voafetran'ny andininy 30, arakaraka ny asan'ny mpiasa sy ny mpiandraiki-draharaha ary ny sokajim-pifandraisana, mandrapahatapitry ny fotoana izay mety hisian'ny fandavana ara-dalàna ny faktiora na ny fisian'ny fanenjehana mba hahazoana mandoa azy, arak any Lalàna.

And. 29 – Ny mpikirakira sy ny mpiandraiki-draharaha dia afaka manatanteraka ny fikarakarana ireo tahirin-kevitra mifandraika amin'ny tambazotra mba hahafahany mamarotra ny seha-pifandraisany elektronika na mamorona asa ahazoany tombontsoa, raha toa ka manaiky mazava ireo mpikambana, ao anatin'ny fotoana voafetra. Na inona na inona anefa miseho, io fotoana io dia tsy tokony hihoatra ny fotoana amin'ny fotoanan'ny fifandraisana ara-pifanekena nifanaovan'ny mpampiasa sy ny mpikirakira na ny mpiandraiki-draharaha.

Ny mpikirakira sy ny mpiandraiki-draharaha ihany koa anefa dia afaka mitahiry tahirin-kevitra mba hahazoany miantoka ny filaminan'ny tambazotrany.

And. 30 – Ivelan'ny fepetra voalaza ao amin'ny andininy 26 ary manaraka sy miankina amin'ny filan'ny asa fikarohana eo anivon'ny fitsarana, ny faneken'ny mpikambana dia raisina, amin'ny mety ho fampiasana na ho fitahirizana ny tahirin-kevitra ahazoana mamantatra ny toerana misy ny fitaovana fototra.

Mety hisy ny fandavana na fanafoanana izany raha vao misy ny fampahafantaran'ny mpikambana izany, na inona na inona fitaovana ampiasainy, amin'ny mpikirakira na ny mpiandraiki-draharaha.

And 31 –Ireo tahirin-kevitra sy asa efa vonona araka ny fepetra voalazan'ny andininy 26 sy ny manaraka izay mikasika manokana ny mombamomba ny olona mampiasa ny karazana tolotra ataon'ny tambazotra na ny mpiara-miasa aminy , mahasahana ny ara teknikan'ny fifandraisana izay iandraiketan'iretsy farany sy ny toerana misy ny fitaovan-tserasera . Izay tsy mahakasika na oviana na ovianany votoatin'ny fifandraisana na ny zavatra jerena, na amin'ny fombainona na amin'ny fomba inona ao anatin'ny fifandraisana.

Ireo tambazotra na ny mpiara-miasa aminy no mandray ny tahirin-kevitra araka ny voalazan'ity andininy ity

Ny fitehirizana sy ny fampiasana ireo tahirin-kevitra ireo dia atao araka ny lalàna mikasina ny fiarovana ny mombamomban'olo-tokana.

And 32- Ny zavatra ataon'ny tambazotra na nympiara-miasa aminy ka tsy mamafa na manao izay tsy ahafantarana ireo mpifandray, ka voakasik' ity lalàna ity dia voasazy andoa lamandy 1.000.000ar atramin'ny 150.000.000 ar.

Raha natao an-tsokososoko mba amotehana olona ,amin'ny alalan'ny mpiasa ao aminy dia voaheloka an-tranomaizina 6 volana atramin'ny 5 taona ary lamandy 100.000 aratramin'ny 10.000.000ar na ny iray amin'ireo sazy ireo .

And 33 – Ny zavatra ataon'ny tambazotra na nympiara-miasa aminy ka tsy mitahiry ny ara-teknika ra voalaza fa tsy maintsy atao izany araka ity lalàna ity dia voasazy 1.000.000 ar atramin'ny 150.000.000 ar .

Rahanatao an-tsokososoko, amin'ny alalan'ny mpiasa ao aminy dia voaheloka an-tranomaizina 6 volana atramin'ny 5 taona ary lamandy 100.000 ar atramin'ny 10.000.000 ar, na ny iray amin'ireo sazy ireo.

And 34 – Ny orinasa mikirakira tambazotra misokatra ho an'ny besinimaro dia tsy maintsy manana teknika mahasahana ny fandrarana , ankoatran'ny laharana vonjy taitra , ny fidirana ao amin'ny tambazotrany na ny asam-pifandraisa ny miainga avy amin'ny finday , izay voalaza fa nisy nangalatra . Ireo fitaovam-pifandraisana ireo dia toko ny atsahatra tsy ahazo iasa intsony tambazotra ny halatra, ataon'ny mpanjifa .

Na izany aza , ny mpanao famotorana dia afaka , amin'ny alalan'ny fahozoan-dalana avy amin'ny Mpampanoa lalàna na ny mpitsar mpanao famotorana , tsy ampiharana io andalana voalohany io.

And 35 - Ny orin' as anafikambananadia azo ambara ho tompon'andraikitra arak-heloka , arakanyvoalazan' nyandinina 32 sy 33amin'itylalànaity .

And 36- Ny sazy ampiharina amin'ny orin'asa na ny fikambananadia :

- Lamandy
- Fanaovanapetadrindrinananyfamoahanaampahibemasonysazymahazokanyfitsarana no mamitraizanyfombaizany.

And 31 –Ireotahirin-kevitra sy asa efa vonona araka ny fepetra voalazan'ny andininy 26 sy ny manaraka izay mikasika manokana ny mombamomba ny olona mampiasa ny karazana tolotra ataon'ny tambazotra na nympiara-miasa aminy , mahasahana ny ara teknikan'ny fifandraisana izay iandraiketan'iretsy farany sy ny toerana misy ny fitaovan-tserasera . Izay tsy mahakasika na oviana na oviana ny votoatin'ny fifandraisana na ny zavatra jerena , na amin'ny fomba inona na amin'ny fomba inona ao anatin'ny fifandraisana .

Ireo tambazotra na ny mpiara-miasa aminy no mandray ny fepetra rehetra tsy ampisy ny fampiasana ny tahirin-kevitra araka nyvoalazan'ity andininy ity

Ny fitehirizana sy ny fampiasana ireo tahirin-kevitra ireo dia atao araka ny lalàna mikasina ny fiarovana ny mombamomban'olo-tokana .

And 32- Ny zavatra ataon'ny tambazotra na nympiara-miasa aminy ka tsy mamafa na manao izay tsy ahafantarana ireo mpifandray , ka voakasik' itylalàna ity dia voasazy andoa lamandy 1.000.000ar atramin'ny 150.000.000 ar .

Raha natao an-tsokososoko mba amotehana olona ,amin'ny alalan'ny mpiasa ao aminy dia voaheloka an-tranomaizina 6 volana atramin'ny 5 taona ary lamandy 100.000 ar atramin'ny 10.000.000ar na ny iray amin'ireo sazy ireo .

And 33 – Ny zavatra ataon'ny tambazotra na nympiara-miasa aminy ka tsy mitahiry ny ara-teknika ra voalaza fa tsy maintsy atao izany araka itylalàna ity dia voasazy 1.000.000 ar atramin'ny 150.000.000 ar .

Raha natao an-tsokososoko ,amin'ny alalan'ny mpiasa ao aminy dia voaheloka an-tranomaizina 6 volana atramin'ny 5 taona ary lamandy 100.000 aratramin'ny 10.000.000 ar ,na ny iray amin'ireo sazy ireo .

And 34 Ny orinasa mikirakira tambazotra misokatra ho an'ny besinimaro dia tsy maintsy manana teknika mahasahana ny fandrarana , ankoatran'ny laharana vonjy taitra , ny fidirana ao amin'ny tambazotrany na ny asam-pifandraisany miainga avy amin'ny finday , izay voalaza fa nisy nangalatra.

Ireo fitaovampifandraisana ireo dia tokony atsahatra tsy ahazo iasa intsony manomboka amin'ny ahalalan'ny orinasan-tambazotra ny halatra , ataon'nympanjifa .

Na izany aza , ny mpanao famotorana dia afaka , amin'ny alalan'ny fahozoan-dalana avy amin'ny Mpampanoa lalàna na ny mpitsara mpanao famotorana , tsy ampiharana io andalana voalohany io .

And 35 - Ny orin' asana fikambanana dia azo ambara ho tompon'andraikitra arak-heloka , araka ny voalazan' ny andinina 32 sy 33 amin'ity lalàna ity .

And 36- Ny sazy ampiharina amin'ny orin'asa na ny fikambanana dia :

- Lamandy
- Fanaovanapetadrindrinananyfamoahanaampahibemasonysazymahazokanyfitsarana no mamitraizanyfombaizany.

And. 37 – Na iza na iza mikasa handika ny lalàna izay voatondro ao amin'ny iray amin'ireo andininy voalaza ireo dia hiharan'ny sazy izay mifanandrify amin'izany fandikan-dalàna izany.

And. 38 – Na iza na iza, voasazy an-tranomaizina noho ny fandikan-dalàna voalaza ato amin'ity lalàna ity, ka mifandraika amin'ny rafi-pampahalalana, ka mbola tratra noho izany heloka izany ihany ao anatin'ny dimy taona, dia hosaziana farafahakeliny ny indroan'ny sazy nihatra taminy taminy helony voalohany.

And. 39 – Toa izany koa ny heloka notoherin'ny andininy 26 sy ireo tariny.

Ny fanafenana halatra dia hosokajiana ho toy ny heloka nahazoana ny zavatra halatra nafenina raha toa ka misy ny fiverimberenana.

And. 40 – Na iza na iza mahafantatra ny fifanekena miafina amin'ny famakiana lahatsoratra natao tsy ho hay vakiana izay ahiana ho nisy nampiasa mba hanomanana na hanamorana na hanefana heloka, na tsy manaiky hamerina izany eo amin'ny fahefan'ny fitsarana na hampiasa izany, tao anatin'ny dingana nitakian'ny tompon'andraikitra izany taminy mba ho fampiharana ny lohateny I sy IV ao amin'ny boky II an'ny Lalànan'ny paikady famaizana, dia hosaziana herintaona ka hatramin'ny dimy taona an-tranomaizina sy lamandy 2 000 000 Ariary ka hatramin'ny 100 000 000 Ariary na ny iray amin'ireo ihany.

Raha notoherina ny fandavana kanefa ny fametrahana na ny fampandehanana ny fifanarahana no mety ho nahazoana nisoroka ny fahatanterahan'ny heloka sy ny mety ho nahazoana namehy voka-dratsiny, dia mety ho lasa roa taona ka hatramin'ny folo taona an-tranomaizina miampy lamandy 2 000 000 Ariary ka hatramin'ny 100 000 000 Ariary na ny iray amin'ireo ihany ny sazy.

And. 41 – Ity Lalàna ity dia havoaka ampahibemaso ao amin'ny gazety ofisialin'ny Repobilika.

Ary hampiharina ho toy ny Lalànam-panjakana.

Natao teto Antananarivo, ny 17 jolay 2014

Hery RAJAONARIMAMPIANINA